# MANKATO NY TOMPO NY MPINO DIA TONGA MPAMPIHAVANA SAMBATRA

# GENESISY 13

| | |
|---|---|
| **MISAORA AN'ANDRIAMANITRA NOHO NY FITAHIANY** ; *Genesisy 13.1-4*<br>Moa mba fantatrao fa harena sarobidy no **omen**'Andriamanitra antsika isan'andro ? sady tia antsika Izy no mitahy antsika, tahaka ny **nanomezany** harena be an'i Abrama. Ary rehefa notahin'Andriamanitra i Abrama, dia nanorina alitara ho **fisaorana** Azy.<br><br>*Ianao koa **misaora** an'Andriamanitra noho ny fitahiany.*<br><br>*Inona no tokony hataonao rehefa **mandray** fitahiana avy amin'Andriamanitra ianao?*<br><br>*Inona izao no fitahiana **noraisinao** ka tsy mbola **nisaoranao** an'Andriamanitra ?*<br><br>*Vavaka :* **Misaora** an'i jehovah ry fanahiko, ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra. Amin'ny anaran'i Jesoa. Amena.<br>*Hira* 20.1 | |
| **TIAVA FIHAVANANA**<br>Genesisy 13.5-7<br>Hitantsika eto fa **niady** ny mpiandry ombin'i Abrama sy i Lota. Tsy tsara izany. Izay **tia** fihavanana no **tian**'Andriamanitra.<br>Toy izany koa ianareo : raha samy manana kilalao mahafinaritra ianao sy ny namanao, ka sendra voadona kely fotsiny ny kilalaonao, dia mety ho tezitra amin'ny namanao ianao. **Tsy mba tian**'andriamanitra anefa ny **miad**y satria Andriamanitra **fitiavana** izy.<br><br>*Iza ary no tokony hotahafinao* : Abrama sa i Lota ?<br><br>*Vavaka* : Jesoa ô tahio izahay sy ……….mba *tsy hiady* fa hihavana tsara. Amin'ny anaranao . amena.<br>*Hira* : 530.3 | |
| **MANDEFERA AMIN'NY NAMANAO**<br>Genesisy 13. 8-9<br>Teo anoloan'ny adin'ny mpiandry ondrin' i Abrama sy Lota, dia **nandefitra** i Abrahama.<br>Jereo koa ange Ndrema sy i Lova e ! niara nizara kanety izy roa lahy. Hoy i Ndrema tamin'i Lova : « fidio izay tian'i Lova fa izay tsy alainao no ho ahy »<br><br>*Iza amin'izy roa lahy ireo ary no mahay **mandefitra** sy tia namana ?*<br><br>Fenoy ny banga: *Iza no nanao tahaka an'i* A..A.A.A<br><br>*Vavaka* : Tompo ô ! ataovy mahay *mandefitra* amin'ny namako aho. Amin'ny anaran'i Jesoa. Amena.<br>*Hira* 532.1 | |

| | |
|---|---|
| **AZA TIA TENA**<br>Genesisy 13.10-11<br>Ny tia **tena** dia tsy mahalala afa tsy ny **tenany**. Tiany ho azy avokoa izay tsara jerena rehetra ka tsy mahalala havana intsony. Izany no toetran'i Lota hita eto.<br><br>*Inona no toetra ratsy tsy tokony alain-tahaka eto ?*<br><br>*Toetran'iza moa izany ?*<br><br>*Vavaka* : Tompo ô, arovy aho mba **tsy ho tia tena**, ka tsy hiafandrombaka rehefa izarana zavatra. Amin'ny anaan'i Jesoa. Amena.<br>*Hira* 534.2 | |
| **AZA MBA RATSY FIFIDY**<br>Genesisy 13.12-13<br>Toa malalaka sy mahitsy tsara ery ny toerana **nofidin**'i Lota, kanefa any amin'ny tanin'ny ratsy fanahy sy mpamono olona.<br>Tandremo fa indraindray ny zavatra, na ny sakafo toa tsara sy mendrika dia mety hankarary na hahafaty mihitsy aza.<br><br>*Nanao ahoana ange ny mponina tao Sodoma ?*<br><br>*Fenoy ny banga* :<br>R.TS. F.N.H. S.D. MP.N.T. .N.R.NDR.<br>*Vavaka* :Jesoa ô ! arovy aho mba tsy hosodokan'ny endrik'ivelany ka ho ratsy fifidy. Amin'ny anaranao. Amena.<br>*Hira* 479.1 | |
| **MATOKIA NY FITAHIANA HO AN'NY MPAMPIHAVANA**<br>Genesisy 13.14-18<br>Na dia fara-fidy aza Abrahama, noho izy tia **fihavanana**, dia nambinin'Andriamanitra izy. Nomeny tany, taranaka, **fitahiana**. Nohamafisiny tamin'ny teny fikasana.<br>Toy izany ireto zazavavy kely roa ireto : nomen'ny ray amandreniny saribakoly tsara tarehy sy vatakely hazo miloko izy ireo. Avy hatrany dia nalain'ilay zandriny ny saribakoly. Ny vatakely hazo sisa no an'ilay zokiny. Vetivety foana teo anefa dia vaky ny saribakoly. Taty aoriana kosa anefa ilay vata hazo nidiran renitantely, sady nanao maminy tao. Hafaliana moa izany ny an'ilay zokiny.<br><br>*Iza ary no tena sambatra amin'izy mirahavavy ?*<br><br>Na dia sisa fidy toy izany aza ny tany azon'i Abrahama, dia nambinin'Andriamanitra izy, sady **notahiny**.<br><br>*Ataovy ny sarin'ilay vatakely hazo miloko sy ny saribakoly.*<br><br>*Vavaka* : Misaotra Anao, Tompo ô, fa omenao zavatsoa mandrakariva ny **mpampihavana**. Amin'ny anaran'i Jesoa. Amena.<br>*Hira* 1.4 | |
| Tsianjery : ***« Sambatra ny mpampihavana, fa izy no hatao hoe zanak'Andriamanitra. Matio 5.9*** | |